# Lamina hitondra fivoarana

Fantaro ny zavatra ilainao sy ny fanomezam-pahasoavana anananao ary ny talentanao. Andramo apetraka ny fanontaniana toy ny hoe:

Inona no zavatra tsapako fa tokony hianarako na hovaiko eo amin'ny fiainako?

Inona no talenta na fahaiza-manao tiako hananana?

Fahazarana ara-panahy toy ny ahoana no ilaiko mba hitomboako sy hivoarako?

Ahoana no hitandremako ireo fanekempihavanana nataoko tamin'ny nanaovana batisa ahy?

Iza no azoko tompoina?

"Handinika izany ao an-tsainao ianao; rehefa izany dia . . . hanontany Ahy ianao raha marina izany" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9:8).

Manaova Drafitra mba hivoarana. Andramo apetraka ny fanontaniana toy ny hoe:

- Nahoana no manan-danja amiko izany?
- Ahoana no hanampian'izany ahy ho lasa tahaka an'i Jesoa Kristy kokoa?
- Inona no zavatra azoko atao mba hanaovana izany?
- Azoko zaraina ho dingana kely kokoa ve ireo zavatra atao ireo?
- Inona izao no drafitra azoko atao mba handresena ireo fanamby atrehako?

"Hilaza aminareo ny zava-drehetra tokony hataonareo ny tenin'i Kristy" (2 Nefia 32:3).

Diniho ny zavatra nianaranao. Andramo apetraka ny fanontaniana toy ny hoe:

- Tamin'ny fomba ahoana no nitomboako?
- Amin'ny fomba ahoana no ahafahako mampiasa ny zavatra nianarako mba hanompoana ny hafa?
- Tamin'ny fomba ahoana ny zavatra nataoko no nanampy ahy hanatona bebe kokoa ny Mpamonjy?
- Ahoana no ahafahako mitombo hatrany amin'io sehatra io?

"Ataovy marina ny alehan'ny tongotrao" (Ohabolana 4:26).

Manaova asa mba hitombo am-pinoana. Raha tapi-dalan-kaleha ianao dia mametraha fanontaniana toy ny hoe:

- Inona no nety? Nahoana?
- Inona no tsy nety? Nahoana?
- Inona ihany koa no azoko andramana?
- Aiza no ahitako hevitra bebe kokoa?
- Azoko zaraina ho dingana na zavatra atao kelikely kokoa ve ny tanjoko?
- Inona no azoko ianarana avy amin'ireo zavatra tsy nampoizina?

"Lazaiko marina tokoa, fa [ianao] dia tokony hazoto hirotsaka amin'ny tanjona tsara, ary hanao zavatra maro amin'ny nahim-po[nao.]" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:27).

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_552-1